# MOFONAINA 22 OKTOBRA 2024 – Efesiana 4:17-24

Talata 22 Oktobra 2024

**FANDAHARANA:**

- **Fiantsoana sy Fiderana :** Salamo 119:9-16
- **Hira:** 42/1.6.7 (feon-kira: 7ffpm)
- **Vavaka**
- **Hira:** 207/2
- **Soratra Masina:** Efesiana 4:17-24
- **Hira:** 470/1.4
- **Fiaraha-Mandinika Soratra Masina**
- **Vavaka**
- **Hira:** 465/3
- **Tsodrano**

---

## 1 – NY BOKY

1.1 **Fandraisan'anjaran'ny tsirairay**

1.2 **Fanampiny**
Indreto misy lohahevitra vitsivitsy misongadina ao amin'ny boky:
121- Ny famonjena vitan'i Kristy no mampiray ny mino (Efesiana 1:22-23).
122- Ny famonjena vitan'i Kristy no mamonjy fa tsy ny asantsika (Efesiana 2:8-9).
123- Ny famonjena vitan'i Kristy dia miteraka toetra vaovao (Efesiana 4:22-24).
124- Ny famonjena vitan'i Kristy dia mampijoro antsika ho miaramila (Efesiana 6:10-18).

Ny bokin'ny Efesiana dia azo raisina ho fampianarana ny fitondran-tena Kristiana, ny fiombonan'ny mino, ny fifidianan'Andriamanitra, ary ny fampiraisany ny Jiosy sy ny jentilisa.

Ny fampianarany momba an'i Kristy dia ireto: Mpamonjy, Mpiaro, Lohan'ny Fiangonana.
Ny fampianarany momba ny Fiangonana dia ireto: Tena iray; masina, firenena iray ao amin'i Kristy.
Ny fampianarany momba ny famonjena dia ny hoe: Fahasoavana avy amin'Andriamanitra (tao amin'i Jesoa Kristy) no namonjena, fa tsy amin'ny asan'olombelona.

1.3 **Drafitry ny boky**

- 131- **Ny fampianarana teolojia (1-3)**
- 132- **Ny fitaomana ho amin'ny fampiharana (4-6)**

---

# 2 – FAMARITANA NY TEKSTA SY RAKI-BOLANA

2.1 **Famaritana ny Teksta**
Ity teksta ity dia ao anatin'ny fizarana mirakitra ny fampiharana ka miantso indrindra ny olom-boavonjy hiaina ny famonjen'i Kristy mitondra fihavaozana eo amin'ny fiainany manontolo.

2.2 **Voambolana**

- **Maizin-tsaina (Efesiana 4:18):** "eskotomeno i te dianoisontes" – itoeran'ny aizina ny sainy, izany dia milaza ny tsy fahalalana an'Andriamanitra sy ny faharatsiana mifandraika amin'izany ary ny vokatr'ireny faharatsiana ireny.
- **Toetra vaovao:** "Kainos anthropos" – Kainos dia milaza zavatra vaovao tsy mbola nisy mihitsy, ary "anthropos" dia manondro ny olona amin'ny ankapobeny. Olom-baovao

koa no azo andikana ny hoe toetra vaovao eto.

---

## 3 – IREO HEVITRA MANAN-DANJA AZO AVOAKA AVY AMIN'NY TEKSTA

3.1 **Ny fiainana tsy misy an'i Kristy dia fahaverezana amin'ny lafiny rehetra;** firotsahana an-tsehatra amin'ny ota. Fiainana tsy misy dikany.
3.2 **Ny fahafantarana sy ny fandraisana an'i Kristy no tena fototry ny fiovam-po sy ny fiainam-baovao** (Efesiana 4:20-21).
3.3 **Ny fihavaozana ara-panahy dia mitaky finiavana hihavao:** fanapahan-kevitra sy fanaovana (Efesiana 4:22-23). Tsy indray mihelatra fa mitohy sady fiainana.
3.4 **Ny fiovana dia tsy fialana amin'ny teo aloha fotsiny fa fandraisana ny vaovao koa** (Efesiana 4:22-24).
3.5 **Ny olom-boavonjy dia voaantso ho amin'ny fahamasinana** (Efesiana 4:24).

---

## 4 – FAMPIHARANA: AOKA

4.1 **Aoka** ho adinoina tanteraka ny fahantrana ara-panahy niainanao taloha (fanotorana).
4.2 **Aoka** hazoto handray ny fampianarana momba an'i Kristy isika ka hihavao mandrakariva.
4.3 **Aoka** hanao tomban'ezaka ny amin'ny fitomboana ara-panahy isika (2 Korintiana 4:16).
4.4 **Aoka** hahavatra hametraka tanjon'ny toetra vaovao hatrany isika. Manaova fanamby masina amin'ny hanesorana ny teo aloha tsy mety ary handraisana ny vaovao ankasitrahan'i Jesoa.
4.5 **Aoka** hatomboka eo amin'ny tenantsika ny fanehoana ny fahamasinana, taomy ho amin'ny fahamasinana ny mpino manodidina antsika.